Izay tian'i Allah hahazo ny hatsarana dia atony mahatakatra ny lafiny ara-pinoana

Tatitra azo avy amin'i Mouawia (R.A) niteny : Izaho naheno an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny : "Izay tian'i Allah hahazo ny hatsarana dia atony mahatakatra ny lafiny ara-pinoana, ary izaho dia Mpizara fotsiny, fa i Allah no Mpanome, ary tsy hitsahatra velively ity vahoaka ity hitsangana amin'ny raharaha momba ny Allah ka tsy hampahory azy ireo izay mitsipaka azy ireo, mandrapahatongan'ny didin'i Allah ".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manambara i Mpaminany (S.A.W) hoe : izay Tian'i Allah hahazo fahasoavana dia omeny fahalalana sy fomba rehetra mety hazahoana ny fahalalana momba ny finoany, ary izy Mpaminany (S.A.W) no mpizara amin'ireo rehetra nomen'i Allah azy amin'ny anjara masoandro sy fivelomana ary ny fahalalana rehetra ankoatr'izany. Ary ny tena Mpanome dia Allah, ary ho an'ny hafa dia fitaovana fotsiny ka tsy mahasoa raha tsy sitrak'i Allah, ary tsy hitsahatra hiorina amin'ny didin'Allah ity vahoaka ity, ary izay manohitra azy dia tsy mahavita manisy ratsy azy, mandra-pahatongan'ny andro farany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5518